Blue Ventures Conservation
Andavadoaka, Madagascar
TATITRA MIKASIKA NY ASAM-PIKAROHANA VOLANA JONA 2004

conservation
education
research

Blue Ventures' Madagascar research program is now entering the winter months in Andavadoaka.

Fanisàna ireo karazana

Tsy mitsahatra mandray an-tsoratra sy mamaritra ireo karazan-trondro vaovao mifanena aminy any anaty rano lalina ao Andavadoaka ireo mpikaroka mpilatsaka anaty rano. Efa nahatsikaritra karazan-trondro vaovao tsy mbola fahita mihitsy tany amin'iny faritra Atsimo Atsinanan'i Madagasikara efa ho dimapolo isa hatramin'izao izy ireo any amin'iny faritra iny. Ny sasany amin'izany aza dia tena vaovao tokoa ho an'i Madagasikara manontolo.

Tsy mitsahatra maka sary ireo trondro, akora, ary biby tsy manana hazon-damosina hita eny an-toerana izahay mba hamaritana sy hampiasana azy ireo ao anatin'ny fandaharam-pampianarana. Mampitatra ny fanadihadiana izay atao mba hamaritana mazava ireo karazana mety hamokatra betsaka ireo sary ireo.

Tonga ny Trozona e!

Vao tonga ny andro voalohan'ny volana Jolay 2004 dia tonga sahady ireo trozona misy trafony *Megaptera noveangliae* mpitsidika iny faritra Atsinanana iny rehefa avy namakivaky ny ranomasina avy any Avaratra, niainga avy amin'ireo toerana filasiany izay misy ireo zavamanan'aina madinika mamelona azy ireo ao amin'ny ranomasina Antaraktika. Mbola kely ny fahalalàntsika mikasika ireo trozona mpitsidika ny faritra Atsimo Atsinan'i Madagasikara iny raha oharina amin'ireo mpitsidika ny faritra Avaratra Atsinanana, ao amin'ny Alodranon'i Antongila izay fanta-daza era-tany. Mbola tsy nanaovana fikarohana ara-tsiantifika manokana ireto any Atsimo Atsinanana ireto. Araka ny fandaharan'ny fivahiniany dia ny 01 Jolay dia nifanena tamin'ny trozona dimy misy zanany roa ireo mpikaroka tany anaty ranomasina lalina tao amin'ilay faritra tena iasana.

Ny ivontoeran'ny fikarohana anabakabaka, Nosy Hao

Nofaritan'ny World Wildlife Fund for Nature ho faritra tokony harovana voalohany ireo nosy kely any amin'ny morotsiraka Atsinanan'i Madagasikara ireo. Na izany aza dia mbola tsy tafiditra tao anaty saritany ary tsy mbola niharitra ny asan'olombelona ihany koa ireo nosikely manelanelana ny toerana iantsonan'i Blue Ventures sy ny tanànan'i Morondava.

Tamin'ny volana Jona 2004 dia namolavola tetik'asa fikarohana namoriana olona 40 tao amin'ny Nosy Hao mba handinihana

manokana ireo biby misy amin'iny morontsiraka iny. Ny famaritana ny morontsiraka na amin'ny fiakaran'ny rano na amin'ny fisintonany no andraikitry ny mpikaroka. Notsongaina tamin'izany Ireo zavatra rehetra hamaritana ny laharan'akorabato ao anatin'ilay faritra hatao vala-javaboary ary voaray daholo ireo karazam-borona hita ao an-toerana. Hotohizina ihany ireo tetik'asa mikasika ny nosy kely ireo mba hahazoana ny lisitry ny zava- maniry sy biby rehetra misy eny an-toerana.

Araka ny lovan-tsofina dia misy toerana itobian'ny sokatra maintso *Chelonia mydas* ao amin'ilay nosy kely manakaiky indrindra an'i Nosy Hao atao hoe Nosy Fasy. Hitarina koa ny fikarohana mba hampidirana ny

fandinihana ireo toby ireo ao anatin'ny rafitr'asa. Amin'izay fotoana izay dia ny iray amin'ireo toby roa voalaza fa misy amin'iny faritra Atsimo Atsinanan'i Madagasikara iny ihany no hanaovana fikarohana.

Ny fanaraha-maso ny jono eny an-toerana

- **Orita**

Miakina betsaka amin'ny jono ataon'ny vehivavy ny fiveloman'ny fianakaviana ao Andavadoaka sy ny manodididna. Rehefa misintona ny ranomasina no manjono ny vehivavy ary mampiasa fomba tena manimba ny akorabato izy ireo satria tsapika maranitra no andoaharany ireo orita anaty lava-bato. Rehefa tonga ny andro mafàna dia mitombo fatratra ny jono satria tonga manangona ny orita vao jonoana eny an-toerana ilay sambokely copefrito avy amin'ilay sambo lehibe isaky ny miova ny endriky ny volana. Nandinika izany jono angonin'ny sambo Copefrito izany ireo mpikaroka ka nolanjainy tamin'izany ireo hazan-drano ary nofaritany koa ireo toerana fanjonoan'ireto vehivavy ireto. Tsikaritra àry fa ny orita mbola tanora sy tsy matoy no tena voajono. Izany no manaporofo fa efa mihoatra ny fefy ity jono ity amin'izao fotoana izao.

Rehefa nifarana ny rafitr'asam-pikarohana momba ny jono orita eny an-toerana dia

nanomboka fikarohana hafa ireo mpikaroka mba hahafantarana bebe koakoa ireo fomba fanjonoana rehetra fanaon'ny mponina ao Andavadoaka.

Hita tamin'izany fa fomba fanjono tena manimba ny tontolo an-dranomasina no be mpampiasa eny an-toerana. Ankoatra ireo fomba fanjono voatanisa tetsy ambony ireo dia mampiasa poizina koa anjonoana ny orita eny amin'ny ankabeazan'ireo toerana misy akorabato. Poizina voajanahary alaina avy amin'ny alan-draketa no fampiasany amin'izany.

Harato mavesatra koa ny tena fampiasa eny amin'ny tontolo an-dranomasina sy ireo ahi-drano. Araka ny fandinihana dia tena manimba tokoa ny tontolon'ireo ahitra an-dranomasina sy ireo akorabato ity fomba farany ity. Indraindray aza dia ireo zavaboary

rehetra anaty ranomasina no voasariky ny harato. Amin'ny fotoana fanaovana diabe dia fisarihana harato efa anjatony maro no ampifandrindran'ny mpanjono sy ny vehivavy ary efa lakana maro no ampiasainy amin'izany. Eny amin'ny rano marivo, ambonin'ny ahi-dranomasina ao amin'ny faritra iasan'ny BV no tena ahitana an'ity fomba fanjono ity ary indraindray aza dia mahasarika trondo kely *Majakulu* (sardine) mahatratra taonina maro mihitsy no voajono amin'izany. Tamin'ny volana Mey izao dia nahafeno fito lakana no voajono.

Tsikaritra fa tena fampiasa any amin'iny faritra iny koa ny harato tery vahana izay fantatra fa fomba fanjonoana tsy maharitra satria tsy manavaka hazan-drano ka misambotra hatramin'ireo trondro madinika mbola tanora ary tsy matoy.

Fitaovana fanangonana trondro (Fish Aggregation Devices -FAD)

Tsy mitsahatra manara-maso ilay fitaovana FAD lehibe atao hoe *Big Blue* napetraky ny *Cooperative maritime du 22ieme Parallèle* lavitry ny morontsiraka tamin'ny volana Oktobra 2003 ireo mpikaroka. Natao andrana hamaritana ny tombotsoa mety hoentin'ny fitaovana toy itony amin'ny maha-toerana anoloina ny tobin-trondro mahazatra ity tetik'asa ity ary natao mba tsy hahalany taringana ireo karazan-trondro misy eny amin'ny akorabato sy hahasimba

izany faritra misy azy izany noho ny herin'ny jono eny ataon'ny mponina.

Ny tanjona amin'izany dia ny hahazoana raki-tsoratra izay manampy amin'izany fanadihadiana atao izany. Napetraka koa ity fitaovana ity mba hanomezana toeram-panjonoana vaovao ho an'ny mponina sy hisarihana trondro avy amin'ny ranomasina manodidina izay mamangy matetika ary koa mba hamaritana raha mety ny hametrahana fitaovana tahaka itony hafa amin'ity taona ity.

Tafiditra tao anatin'ny asa fanaraha-maso ny fitaovana FAD ny fandraisana rakitra ireo karazana rehetra hita mihaodihaody eo amin'ny manodidina. Tsy mitsahatra miha-maro karazana sy mavesatra isa ihany koa ireo trondro mpivahiny tonga manatona ilay *Big Blue* isaky ny tonga manao fanaraha-maso ny mpikaroka. Raha nisitrika anaty

rano lalina any amin'ny toerana misy ilay FAD 500m ambany rano izay tsy hifankahitana raha mihoatra ny elanelana 50m no tena nahitana ny tombotsoan'ity fitaovana fisarihana trondro ity satria trondro lehibe tahaka ny lamatra (thon), trondro mpanaraka feso (dauphin), raies (manta sy démons) ary Atsantsa.

Fivoaran'ny fifanarahana ao amin'ny Alliance Côtière du Capricorne

Raha ny ezaka handrindrana ireo asam-pikarohana mikasika ny ranomasina sy ny morontsiraka nifanarahan'ny mpikambana ao amin'ny ACC no resahina dia miara-miasa amin'ilay fiasana manampahaizana anglisy iray atao hoe Reefmap (www.reefmap.org.uk) ny Blue Ventures mba hametrahana fomba firaketana ao anaty solon-tsaina vaovao ho an'ireo mpikambana. Izany fomba firaketana izany dia mitahiry ireo rakitra azo avy amin'ny fomba fikarohana iraisana na mikasika ny fahalalàna ny zavaboary izany na mikasika ny ara-tsosialy. Mino izahay raha ampitoviana ny fomba fiasa na eo amin'ny fandraisana ny karazana na eo amin'ny fomba fikarohana dia ho mora hatrany ho an'ireo mpikambana ao anatin'ny ACC ny hifampizara izay rakitra voahangony avy. Hanamora ihany koa ny fandinihana atao mikasika ny ranomasina manodidina an'i Madagasikara izany fomba firaketana vaovao izany.

Mety hanampy tokoa izay tetik'asa rehetra mety hatao ity fitaovana vaovao ity, manomboka amin'ny firaketana ny vokatry ny fanaraha-maso ireo akorabato hatrany amin'ny firaketana ny vokam-pikarohana mikasika ny habetsahan'ny karazana hita. Ankoatra izay dia afaka mampiditra izay rakitra tiany hampidirina ary tsy mila fanaraha-maso matetika ao anatin'ity firaketana iraisana ity ireo mpikaroka mpilatsaka an-tsitrapo.

Noho izany dia nanomana fiofànana niraka tamin'ny mpiasan'ny IHSM, Reefdoctor sy Frontier tany Toliara ireo mpiasan'i Blue Ventures tamin'ny volana Mey sy Jona iny ; ary amin'izao fotoana izao dia manao fanandramana fomba firaketana iray avy mifanaraka amin'ny faritra iasany avy ireo mpikambana ao amin'ny ACC. Efa eo am-panangonana ireo karazana rehetra hita amin'ny faritra manodidina rehetra ao anaty lisitra iray ankehitriny izahay ary efa misy mangataka ihany koa ny rakitra azo ampiasain'ireo fikambanana miasa eto Madagasikara sy any an-kafa.

Raha ao Toliara ny foibeny dia nametraka masoivoho tao amin'ireo faritra telo be mponina Vezo indrindra ao Atsimo Atsinanan'i Madagasikara ny IHSM niaraka tamin'ireo fikambanana tsy miankina miasa eny amin'ilay faritra, izany hoe miaraka amin'i Frontier ao Anakao any Atsimon'i Toliara ; miaraka amin'i Reefdoctor ao Ifaty any Avaratra ; ary miaraka amin'i Blue Ventures ao Andavadoaka any amin'ny farany Avaratra indrindra. Samy miha-simba daholo ireo toerana misy akorabato ao amin'ireo toerana telo ireo satria tsy mitsahatra mitombo ny jono ataon'ny mponina izay mampiasa fomba tena manimba azy ireo tokoa. Ankoatra izany, noho ny firoboroboan'ny fizahan-tany sy ny fanjonoana hazan-dranomasina dia lasa toerana mamokatra i Anakao sy Ifaty ka nanintona mpifindra monina betsaka izay vao mainka nampitombo ny fahasimban'ireo akorabato. Manampy ny IHSM ireo fikambanana tsy miankina ireo eny anivon'ireny masoivoho ireny amin'ny alalàn'ny fanangonana rakitra mikasika ny zavaboary an-dranomasina.

Tena manampy tokoa ny IHSM izany fomba firaketana iraisan'ireo mpikambana ao amin'ny ACC tahaka ny Frontier sy Reefdoctor satria amin'ny maha-mpiray vatsy sady solon-tenan'ny fanjakana azy, dia afaka mitrandraka izay rakitra ilainy mikasika ireo akorabato rehetra ao Atsimo Atsinanan'i Madagasikara ry zareo. Fitaovana manampy betsaka eo amin'ny fanapahan-kevitra rehetra raisina ao anatin'ny fitantanana ny morontsiraka sy ny famaritana vala-javaboary voaaro ity fomba firaketana vaovao ity.